SITENY ANDRIANASOLONIAKO

Jereo ny taranja rehetra fa tsy ny baolina kitra ihany

Tsy hivoatra ny taranjampanatanjahantena hafa, raha toa ka holaniana amin'ny fanohanana ny taranja baolina kitra irery ihany ny fampiasam-bola ataon'ny fitondram-panajakana, hoy Andriamatoa Siteny Andrianasoloniaiko filohan'ny fiombonambe Afrikanina ho an'ny taranja Judo, raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety ity farany tetsy Ivato ny alatsinainy maraina lasa teo. Nanohy fanazavana ity mpitarika ny federasionina Judo eto Afrika ity, fa tokony ho tohanan'ny fitondram-panjakana ireo taranjampanatanjahantena manavanana sy voafehin'ny Athleta Malagasy, toy ny: taranja Tsipy kanetibe, fibatana fonjam-by, ny "Athletisme", ny "Rugby", ny "Karaté", mba hahazoana vokatra tsara eo amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena ary ny mampalahelo hoy ihany ny Solombavambahoaka Siteny Andrianasoloniaiko dia tsy misy foto-drafitrasa mba mifanaraka amin'ireo taranja voatanisa ireo ny fanamboaran'ny fitondrana an'ireo Kianja Manara-penitra

Ny fahatongavan'i Siteny Andrianasoloniaiko teny Ivato ny alatsinainy teo.

maro be manerana an'i Madagasikara ireo. Nanamafy anefa ity filohan'ny "Union Africaine" ny taranja Judo ity, fa manana herijika hiakatra "Podium continental" ireo Athleta Malagasy, mba hahafahan'ireto farany mampiakatra ny lenta sy ny teknika ananany, satria efa mitana andraikitra ambony ny Malagasy eo amin'ny tontolon'ny fanatanjahantena Olympika ohatra, ankoatran'ny maha filohan'ny Federasionina Judo eto Madagasikara no sady filohan'ny komity "Olympique" eto Madagasikara an'i Siteny Andrianasoloniaiko dia mbola filohan'ny "Confédération Africaine Judo" no sady filoha lefitry ny "Federation internationale Olympique" ihany koa ity farany. Ankoatra izany, nilaza izy, fa tsy afaka mahazo vokatra tsara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny Athleta Malagasy raha tsy misy fandraisana anjaran'ny fitondram-panjakana ary mbola an-kilabao ny fanohanana an'ireo Federasionina mandrafitra ny Komity Olympika ireo rehefa mikarakara "Championat nasionaly". Namarana ny fanehoan-keviny ny filohan'ny Federasionina Judo eto Afrika, fa mampijaly ny Federasionina ny tompon'andraikipanjakana, satria very maina avokoa ny 70% fitaovana fanampiana avy any ivelany, izay tokony hampiasain'ny Athleta Malagasy, satria mihitsoka eny anivon'ny fadintseranana ireny fitaovana fampiasan'ny Athleta ireny, satria sarotra ny fikarakarana ny antotan-taratasy hamoahana azy. Nanohy fanazavana izy, fa tokony hisy ny fanovana ny fitantanana eto Madagasikara momban'ny fanatanjahantena, satria ankoatran'ny fitavozavozana eo amin'ny antotan-taratasy dia miakatra isan'andro ny saran'ny fipetrahan'ny fitaovana ao amin'ny Magazay eny anivon'ny fadi-tseranana, hany ka tsy voaloan'ny Federasionina ny vidin' izany fitaovana izany, lasan'ny mpanam-bola amin' ny alalan'ny lavanty ny fitaovana. Tsiahivina fa Federasionina miisa 40 amin'ireo Federasionina Judo eto Afrika no nandany an'i Siteny Andrianasoloniako ho filohan'ny "Union Africaine de Judo" tamin'ny 18 Mey 2021 lasa teo ary ny fampiakarana ny haavo ara-teknika ho an'ny Athleta Afrikanina no imasoany mandritra ny fotoam-piasany.

Franck Razakambelo

Finoana, sosialy, toekarena

Miroso hatrany amin'ny fanatanterahana ny Vina ny AFK

Efa ho herintaona izao no nanomboka nipoitra ny Fikambanana Antso Fiarahamonina Kristiana, na AFK, nampahafantatra ny amin'ny fisian'ny Vina ananany, izay avy amin' Andriamanitra, hahafahan'ny firenena miàla ao anatin'izao fahantrana lalina izao, sy hampandroso azy. Tamin'ny alalan'ireo boky fito efa novokariny sy navoakany no hanazavany ny antsipirian'izany. Niantomboka tamin'ny fiandohan'ity taona ity, no nanatanterahany ny hetsika samihafa, toy ny dinik'asa teny amin'ny efitrano malalaky ny Antenimieran'ny varotra Antaninarenina, sy ny loabariandasy voalohany teny amin'ny Hotel Le Pavé

Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.

Antaninarenina, izay niantsoana ireo olom-pirenena vonona ho amin'ny hanatanterahana izany vina lehibe izany.
Na dia nandalo ny fihibohana sy ny krizy ara-pahasalamana indray ary ny fepetra noraisin'ny fanjakana tao anatin'izany, nandritry ny volana maromaro tamin'ity taona ity ny firenena, dia nisy hatrany ny asa notanterahana tao anatin'izany. Anisan'izany, ohatra, ny fampivelarana ny sahanasa eny anivon' ny fokontany sy kaomina hatrany amin'ny faritra. Iray amin'io ny any amin' ny faritr'i Melaky iny. Eo am-piketrehana ny "symposium national" ny Fikambanana ankehitriny, mialoha ny hisian'ny isamparitra. Ny akaiky indrindra dia ny fidinana ifotony eny anivon'ny fokontany sy kaomina toy ny hotanterahina eny Itaosy ao amin'ny Espace Fenohasina ny alahady 27 Jona izao ny tolakandro. Efa misy hatrany ihany koa, etsy andanin'izay, ny fanatonana ny tomponandraikitry ny fokontany amin' ny fampahafantarana ny fikambanana sy ny asa tiana hotanterahina eny anivon'ny fokontany sy ny kaomina.
Goavana sy makadiry ny vinan'asa hotanterahin'ny AFK eto amin'ny firenena. Ny tanjony lehibe dia ny hisian'ny Fiarahamonina misy firaisan'aina (symbiotique), ka tsy mifampitsentsitra, tsy mifanambaka, fa mifanohana sy mifamelona ary mifanome tanana sy mifampivelatra; sy mampisy fampiraisan' aina (symbiotisant), ary manao izay hampisy mandrakariva izany firaisan' aina izany.

Radafy

Kaominina Alasora

Farany vao nirodorodo nanao vaksiny ny olona

Nambaran'ny ben'ny tanànan'Alasora distrikan' Antananarivo Avaradrano, Randriantsoa Jimmy fa farany vao tena nirodorodo nanatanteraka vaksinin'ny covid-19, izay tokony hifarana amin'ity anio ity ny olona. Nahatratra 80 hatramin'ny 100 isan' andro no tonga nanao vaksiny raha ny fanazavany, satria anio no tokony hifarana izay fanaovana vaksiny fanefitry ny covid-19 izay. Nanamafy anefa ny ben'ny tanàna omaly, fa mbola manentana hatrany ny mponina izy, mba hanao vaksiny satria zava-dehibe loatra ny fanaovana vaksiny mba hiarovana amin'ny aretina coronavirus. Ireo olona nanaovana fanadihadiana dia nilaza fa izao vao tena tapa-kevitra, satria matahotra aretina. Ankoatr'izay, dia nilaza ihany koa ireo olona nanaovana fanadihadiana, fa tsy misy afa-tsy fiarovan-tena ihany no zavadehibe amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao. Nilaza ihany koa ny ben'ny tanàna, fa miaramiasa foana amin'ny médecin chef eny an-toerana ny kaominina amin'izao ady tsy iparitahan'ny valanaretina coronavirus izao.

Rajo

Ny ben'ny tanànan'Alasora, Jimmy Randriantsoa.

Antsirabe

Miseho lany koa ny fangalarana volo an-dalambe

Mirongatra ihany koa amin'izao fotoana ny halatra volo an-dalambe any Antsirabe faritra Vakinankaratra. Arak'izany, tsy eto Antananarivo ihany ankehitriny no ahitana ity halatra fanapaham-bolo an-dalambe ity, fa misy ihany koa ao an-drenivohitr'i Vakinankaratra. Tovovavy mpianatra iray tao Mangarivotra Antsirabe no lasibatra, nisy nanapaka tampoka teny an-dalana ny volo lavany. Herisetra ary mahavoasazy mifanaraka amin'ny lalàna ny fangalarana volo. Koa ny Zandary any Vakinankaratra dia miantso ny rehetra ho mailo ihany koa.
Manao fisafoana eny amin'ireo faritra malaza ho mafampana izy ireo, anisan'izany ny tsena sy ny manodidina ny sekoly,...

Niaina

Volo lava toy izao no tena lasibatr'ireo mpangalatra tsy vanona.

Vehivavy tratry ny mosavy

Navotan'ny rano manokana

Tsy lavitra fa avy any Ambatondrazaka ity vehivavy ity. Vehivavy roapolo taona izy ary manambady aman-janaka ihany koa. Tsy mbola niteraka izy io fa bevohoka taorian'izay. Isaky ny manatona mpampivelona izy dia toa sadaikatra rasazy satria toa hafahafa izy ity. Mibontsina sy mitombo ilay kibo nefa toa mafimafy izany. Teo vao niteny rasazy, fa zavatra hafa io fa mandehana manatona mpitsabo hafa ianareo. Teo noho eo ihany dia niantso an'i Jessica 0338739541 ilay ramatoa ary nihaona teny Mandrosoa Ivato. Vao nojeren'ity mpitsabo ity ilay kibony dia hoy izy hoe mosavy io, fa tsy zaza akory ary mety hiafara tamin'ny ainao mihitsy raha tsy tonga tety ianao. Nampisotroina rano manokana sy notrorina tamin'ny menaka avy any Inde ilay ramatoa, ka teo noho eo ihany dia nandoa lomotra maitso ary nalemy tanteraka avy eo. Afaka minitra vitsy vao nahazo aina ilay tovovavy. Niaiky izy fa mosavin'olona tokoa ity nahazo azy ity, ka soa ihany fa nanatona an'ity mpitsabo ity. Hoy ilay mpitsabo hoe sakafo nohaninao io saingy tsy tadidinao, fa tsy lavitra anao akory io olona nahavanon-doza io. Marina izany hoy ilay tovovavy, fa ilay rafivaviko taloha io izay saika ho vadin'ilay vadiko nefa tsy tanteraka. Efa mba nihavana ihany izahay hoy izy, fa izao vao fantatra fa fihatsaram-belatsihy fotsiny hay ilay izy, fa saika hamono ahy mihitsy no tanjony. Na izany aza hoy ilay mpitsabo, dia aza mamaly ratsy ny ratsy, fa aleo valiana amin'ny tsara ny olona. Sitrana soa amantsara ilay tovovavy izao ary efa nitoe-jaza ankehitriny. Mbola manaraka fitsaboana eny amin'ity mpitsabo ity izy ary nilaza i Jessica, fa tsy maintsy hahazo zaza ianao ary matokia fa izay mangataka dia homena rehefa manana finoana.

Namana